HAZAKAZAKA LAVITR'EZAKA

# Hiompana amin'ny fitandroana ny tontolo iainana



*« Tontolo andro maitso »*. Tontosaina amin'ny 16 oktobra izao ny hazakazaka lavitr'ezaka iraisam-pirenena eto Antananarivo. Nolazain'ireo tompon'andraikitra fa hiavaka ity andiany faha-16 ity.

*« Kasainay ny hisarika ny kolontsain'ireo Malagasy ho tia mitandro ny tontolo iainana ka tsy hampiasa fitaovam-pitaterana mamoaka setroka handoto ny rivotra hofohana mandritra io andro iray io. Ho afaka hiazakazaka amim-pahatoniana araka izany ireo atleta noho ny fahadiovan'ny rivotra »*, araka ny fanamarihana voaray tany amin'ireo mpikarakara.

Tsara ny manamarika fa tsy teratany malagasy irery ihany ny atleta hiazakazaka mandritra io fotoana io fa ho avy ihany koa ireo sangany avy any ivelany.